Gazette Tohiravina 8 -.pdf 1 22/08/2025 18:53:52

GAZETY
# tohiravina
TERAKA

www.teraka.org - n° 08 - Jona 2025 - MAIMAIMPOANA



# Dingana lehibe no vita, hetsika mitombo hatrany. ‘Ndao hiaraka hanorina amin’ny fikaliana sy fanantenana hatrany ny TERAKA!

**Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin’ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin’ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon’andraikitra isika**

**Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin’ity Gazety ity**

1. **NANDALO FITSIRIHANA IRAISAM-PIRENENA NY FANDAHARAN’ASA TERAKA**
2. **HAZO TERAKA: IREO FEPETRA TAKIANA**
3. **FISY TEKNIKA: FAMBOLENA ZAVOKA**
4. **TSENA BE FIVOARANA TAO SAHAMADIO: MANASONGADINA NY TANTSAHA**

Isaky ny hazo voavoly, ny fivoriana atao, ny fandraisantsika anjara dia maneho ny firaisankinantsika. Amin’ity gazety laharana faha-9 ity dia ho hitanao fa nandalo dingana lehibe ny TERAKA, dia ny fanamarinana iraisam-pirenena voalohany indrindra. Noho ny asa sy ezaka nataontsika ary ny fikaliana izany dia fantatra eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena ny fandaharanasantsika. Reharehantsika izany ary hery mamporisika antsika hiroso hatrany ao anatin’ny fahamatorana sy fahavononana.

Mitohy ny dia ary mitaky fikaliana hatrany izany. Ny fisafidianana ny karazan-kazo ho volena, ny fanarahana ireo fepetra, ny fitehirizana sy fanaovana ny tatitra, ny fikolokoloina ireo hazo: dia fihetsika tsotra saingy misy fiantraikany lehibe maharitra. Tsy zava-poana ny asa rehetra ataontsika. Miteny, misy lanjany ary mamiratra izy ireny.

Zarainay aminao ihany koa ny fanavaozana natao momba ny fandraisana sy famahana fitarainana amin’ny fomba ofisialy mba ho heno sy ho voaray am-panajana ny feon’ny tsirairay. Manan-danja avokoa isika ao amin’ny TERAKA sy ny anjara biriky rehetra entitsika, na amin’ny fambolena hazo, na fandraisana anjara amin’ny fivoriana na fizarana traik’efa izany. Maneho ny fahavononantsika hatrany ny isantsika. Hatramin’izao dia efa mahatratra 5 600 isika ao anaty Vondrona Madinika, manerana ny Faritra maro, miara-mandroso amin’ny dingana manaraka.

Ao amin’ity gazety ity ihany koa, dia hahita toro-hevitra ianao, toy ny teknika fampaniriana zavoka; ny santionan’ny fandraisana anjarantsika eny ifotony, toy ny hetsika Tsena Be Fivoarana. Izany rehetra izany dia vokatry ny fandraisantsika anjara mavitrika.

Isika no TERAKA. Mialehibe amin’ny alalan’ny tanantsika, ny tenintsika, ny fahaizantsika ary ny fanantenantsika. ‘Ndao hiaraka handroso hatrany hampisy aina, hiaro ny tontolo iainana sy hanorina ho avy mafy orina ho an’ny taranatsika.

Mirary vaki-teny mahafinaritra ho anao!

Gazette Tohiravina 8 -.pdf 2 22/08/2025 18:53:53

# 1. NANDALO FITSIRIHANA IRAISAM-PIRENENA NY FANDAHARAN'ASA TERAKA.

## Nandalo ny fitsirihana iraisam-pirenena voalohany ny fandaharan'asa TERAKA, izay tena zava-dehibe tokoa

Ny 24 ka hatramin'ny 28 Aprily 2025 lasa teo no nanaovana ny fitsirihana iraisam-pirenena voalohany ny fandaharanasa TERAKA ka ny sampana tsy miankina CARBON CHECK avy any Inde no nanatanteraka izany. Fitsirihana izay nanamarinana ny fandaharanasantsika raha toa ka manaja tokoa ireo fepetra iraisam-pirenana takiana amin'ny famokarana tahiry karbaona.

Dingana iray lehibe sy tena manan-danja ho an'ny hoavin'ny TERAKA ity notanterahina ity araka izany. Avy amin'izany mantsy no hanekena ampahibe maso sy hanambarana ofisialy fa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena VERRA ny fandaharanasantsika. Raha voaboasana tsosotra dia ity fanamarinana voalohany ity no nanaporofoana fa TERAKA dia manaraka tokoa ireo fepetra hentitra takiana amin'ny fanamarinana karbaona ary izany dia manokatra ny làlana ho amin'ny famokarantsika tahiry karbaona, izay afaka ny ho amidintsika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena amin'ireo orinasa maniry hanonitra ny entona maloto ($CO_2$) avoakany. Tanin-kazo maromaro tao amin'ny Distrikan'i Fandriana no nanatanterahana ny fitsirihana, Distrika voalohany nanombohana ny fandaharan'asa TERAKA. Ny Kaominina Sahamadio sy Mahazoarivo no nandalovan'ireo mpanao fitsirihana ka nirindra sy nilamina tsara araka ny tokony ho izy izany.

Etoana ary izahay dia manatitra ny fankasitrahana feno ireo tompon'andraikitra teny an-toerana sy ireo tantsaha rehetra tamin'ny fandraisana mahafatrapo sy feno tsikitsiky nataon'izy ireo ny vahiny mpitsidika sy tamin'ny nanomezan'izy ireo tsy ampisalasalana ireo atonta-taratasy rehetra nangatahan'ireto mpitsidika.

Tao aorian'ity fitsirihana ity dia ireto misy teboka maromaro nivoitra izay manan-danja ka tokony harahana mba hahazoana antoka fa hanaraka ny fenitra hatrany ny fandaharan'asantsika, tsy amin'ity fitsirihana ity ihany fa indrindra amin'ny fotoana rehetra:

- Tena zava-dehibe ny manohy hatrany ireo fanangonana porofo momba ny fananan-tany ho an'ny tanin-kazo tsirairay (toy ny kara-tany, anarana amin'ny bokin-tany, na koa fanamarinana fananan-tany ofisialy avy amin'ny fokontany sy ny mpifanila-tany) mba afahana manome antoka ny mpitsirika fa ny dingana fanamarinana fananan-tany dia efa an-dalana ;


"Ireo mpikambana TERAKA sy ireo mpanao fitsirihana"

- Ny hazo tsirairay dia tokony samy hanana laharana tokana afaka hanamarinana azy (marika hita maso sy azo tsapai-tanana, miraikitra amin'ny vatany) ;
- Tokony hajaina tanteraka, tsy misy anavahana, ireo fepetra rehetra momba
- ny tanin-kazo hovolena sy ny hazo (jereo ao amin'ny lahatsoratra manaraka)
- Tokony ho feno tsara daholo ny tatitra isam-bolan'ny Vondrona madinika, tehirizina tsara ary entina rehefa fivorian'ny Klastera mba afahan'ny Mpanampy Klastera manao ny tatitra mazava izay tena ilaina ho fandrindrana ny fandaharan'asa.

Afaka telo taona, izany hoe ny taona 2028, dia hisy fanaraha-maso vaovao hatao indray isika, izay antsoina hoe « audit de vérification » na « fitsirihana enti-manamarina ». Ny tanjona amin'izany dia ny handrefesana ny tahan'ny karbaona voatahiry ao anatin'ireo hazo novolentsika. Amin'izay fotoana izay dia hoavy ireo mpanara-maso iraisam-pirenena hanamarina raha mitombina tsara sy manaraka ny fenitra ny fandrefesana rehetra natao. Raha voamarina ny zava-drehetra, dia ho azontsika ny fanamarinana voalohany momba ny tahiry karabaona. Ireo tahiry reo dia afaka ny ho hamidy amina orinasa, ka ny vola azo avy amin'izany dia afaka hampiasaina hanohizana ny fandaharanasantsika sy hanomezana lanja ny ezaka nataon'ireo mpikambana TERAKA.

Koa andao àry isika hanohy hatrany ao anatin'ny fahamatorana, fikaliana, fahitsiana sy finiavana ny ezaka efa natombotsika. Satria tokoa mantsy ny hazo tsirairay volentsika dia harena ho an'ny fianakaviantsika, ho an'ny tontolo iainantsika fa indrindra ho an'ny hoavin'ny zanatsika.

# 2. HAZO EKENA AO AMIN'NY TERAKA : FA MANINONA NO MILA MISAFIDY TSARA?

Tsapa ary hita tokoa ny fahavitrihantsika tantsaha amin'ny fambolen-kazo. Aza adino anefa, fa zava-dehibe ny fisafidianana ireo karazan-kazo ho volena mba ho isan'ireo eken'ny fandaharan'asa TERAKA. Izany no natao dia ny hahazoantsika antoka fa hotratrantsika ireo tanjontsika avy amin'izany, dia ny fiarovana ny tontolo iainana, ny fiaraha-monina ary ny zavamananaina.

**Fanamarihana :**

Araka ny voarakitra ao amin'ny ny fifanarahana EMH na "contrat GES" dia tsy maintsy arovana ho velona mandritra ny 40 taona ny hazo tsirairay novolentsika ato amin'ny TERAKA ary tokony maharitra mijanona rakotra ala mandritra ny 100 taona ny tanin-kazo novolentsika. Izany no miantoka ny fisian'ny tahiry karbaona sy ny fampandehanana ny fandaharanasantsika.

Mba ahafahanao misafidy tsara ireo karazan-kazo ho volenao ary dia indro ampahafantarina anao ireo karazana lisitra hazo TERAKA. Nosokajiana ho dimy izy ireo, ka ny mena, maitso, fotsy ary ny volondavenona ihany no afaka ho ekena.


"Manga, hazo TERAKA lisitra maitso"


"Voambôna, hazo TERAKA lisitra mena"

Gazette Tohiravina 8 -.pdf 3 22/08/2025 18:53:53

Toy izao ny mombamomba ireo lisitra ireo :

Lisitra mena : ivondronan'ireo karazan-kazo tsy fahita firy sy tandindomin-doza ary ahiana ho lany tamingana araka ny fitsipika iraisam-pirenena napetraky ny IUCN. Raha mamboly sy miaro ireo karazan-kazo ireo isika dia afaka misitraka valisoa manokana atao antsapaka ankoatran'ny fandoavam-bola mialoha. Ohatra amin'izany ny Hazovola, ny Voamboana, ny Andramena, ny Karambito, sns.

Lisitra maitso : ity lisitra ity no misy ny karazan-kazo zanatany tsy tandindomin-doza rehetra (Tapia, Zahana, Andrarezina, ramy, sns.) sy ireo hazo fihinamboa (Zavoka, Manga, Pibasy, sns.) ary ireo hazo fangalana vokatra fanodina (Ravintsara, Katrafay, Mandravasarotra, sns.). Tsy tafiditra ao anatiny kosa ireo hazo natao ho fakana hazo arehitra na fanaka. Ahazoana misitraka fandoavam-bola mialoha ihany koa ny fambolena ity sokajy iray ity.

Lisitra fotsy : ato amin'ity lisitra ity no ahitana ireo hazo ekena ho isan'ny hazo TERAKA ka tsy ao anatin'ny lisitra maitso na mena. Isitrahana fandraisam-bola mialoha ihany koa ny hazo anatin'ity lisitra ity saingy tsy misy tombotsoa amboniny azo aminy.

Lisitra volondavenona: ny hazo ato anatin'ity lisitra ity kosa dia ireo hazo raran'ny DREDD (na sampandraharaha ny ministeran'ny tontolo iainana eny anivon'ny Faritra) sy ny mpitantana valanjavaboahary ny hambolena azy ao anatin'ny faritra 2.5km manodidina ny valanjavaboahary sy ny faritra arovana. Azo volena sy raisina ho isan'ny hazo TERAKA ihany izy ireo fa ivelan'io faritra io ka ohatra amin'izany ny Kininina, Acacia, Bonarabe, Rotra, Voamadilo, Voandelaka, sns.

Lisitra mainty : ireo hazo heverina ho manana fiatraikany tsy irina ho an'ny tontolo iainana rehetra no ato anatin'ity lisitra ity.

Tsy afaka ampidirina ho isan'ny hazo TERAKA izy ireo.

Raha toa anefa namboly azy ireo isika tantsaha talohan'ny fotoana nanambarana azy ireo ofisialy (ny volana Oktobra 2024), dia afaka mijanona ho hazo TERAKA ihany izy ireo nohon'ny fanolorantena efa nataon'ny fandaharanasa. Ankehitriny dia karazan-kazo roa ihany no mbola voasokajy ho lisitra mainty dia ny Kesika (pinus sp.) sy ny Goavy (Psidium guajava).

Ity fanasokajiana ity dia natao mba hiarovana ireo ezaka nataon'ny tantsaha tsirairay. Raha misy fanontaniana ianao dia antsoy ny mpanampy klastera eny amin'ny kaominina misy anao na ireo mpitarika Klastera. Azonao atao ihany koa ny tonga dia miantso mivantana ny foibe TERAKA amin'ireto laharana ireto: 032 15 951 92, 034 88 142 36, 033 50 85 11 fa vonona hamaly izay manitikitika anao izahay.


Safidy tsara dieny am-piandohana, fidiram-bola azo antoka sy maharitra ho any Vondrona Madinika iray manontolo.

# 3. FISY TEKNIKA :

## FISY TEKNIKA ZAVOKA

### 1 MANANGONA MASOMBOLY

Toerana ahitana ireo masomboly: andalana, an-tsena, mihintsana amin'ny fotony hazo zavoka lehibe na mividy zavoka ho hanina ary tehirizina ny voany.



**Fotoana fanangonana masomboly : marstsa, aprily, may, jona**

### 2 FAMPITSIMOHANA


**A. Famafazana**

1- Afafy anaty fampitsimohana
- 50% fasika
- 25% tany voasivana
- 25% zezika voasivana

NA


2- Afaka ihany koa ampitsimohana anaty zezika biolojika na organika ranoray efa masaka tsara.

**Fotoana famafazana : martsa - aprily – may - jona**





- Aparitaka anatin' ny tany fampitsimohana ka ny vodiny mahitsy iny no apetraka amin'ny tany.
- ·Ary rakofana tany 3 santimetatra eo.
- ·Asiana fiarovana manodidina sy eo ambony mba tsy ahafahan'ny sora mitrongy : gaulette na volo.
- ·Tsy avela ho mando loatra ny tany. Raha morana loatra asiana plastikia hiarovana azy.
- ·Fotoana fitsimohany : 15-50 andro aorian'ny famafazana.

**B. Famindrana ny zanaka zavoka**





- Fanetsana anaty kitapon-janakazo (33% fasika, 33% tany voasivana, 33% zezika voasivana): rehefa vaky tsiry ny voana zavoka.
- Refin'ny kitapon-janakazo : 15 X 23 santimetatra.
- Faharetany fitomboany ao anaty kitapon-janakazo : 8 volana ka hatramin'ny 12 Volana.
- Tondrahana matetika raha maina ny andro.



### 3 FAMBOLENA

**A. Fanomanana ny tany**
- Fandavahana sy fandrarahana zezika (refin'ny lavaka 50 X 50 X 50 santimetatra)
- Fampifangaroina ny tany fasehana sy ny zezi-pahitra ao amin'ny lavaka ambolena

**B. Fambolena**
- Elanelany: 7 x 7 m : ilaina ny fandratsanana
- 10x 10 m : tsy ilaina fandratsanana




**Fotoana fambolena mety : janoary, febroary, marsa, may, jona, jolay, desambra**

**FANAMARIHANA:** Ny elanelana takian'ny fambolena zavoka (10m), dia azo ampiasaina amin'ny fambolena zava-maniry hafa, na amin'ny endrika voly rakotra, ho fanatsarana ny vokatra sy ny tsiron'ny tany.

# 4.TSENA BE FIVOARANA TAO SAHAMADIO : MANASONGADINA NY TANTSAHA

Ny 15 ka hatramin'ny 17 Mey lasa teo no nanatanterahana ny TSENA BE FIVOARANA tao amin'ny Kaominina Sahamadio Fisakana, Distrikan'i Fandriana, Faritra Amoron'i Mania ka nandray anjara tamin'izany ny TERAKA. Ny tanjon'ny hetsika dia ny fampiroboroboana ny tsena ao amin'ny kaominina sy ho fanomezana lanja ny vokatry ny tantsaha avy amin'ny Fokontany manodidina, mifandrimbona amin'ireo fikambanana eo an-toerana. Ny fandraisan'anjaran'ny TERAKA dia avy amin'ny faharisihan'ireo Vondrona Madinika tao Sahamadio izay nisolo tena ny fandaharan'asa tamin'ny alalan'ireo Mpitarika Klastera, Mpanampy Klastera ary Mpikambana Vondrona Madinika. Zana-kazo novokarin'ireo Vondrona Madinika TERAKA no naranty sy namidin'izy ireo ka nahazoany tombony. Hazo zanatanysy fihinam-boa avokoa ny ankabeazany. Maro ireo nitsidika ny tranohevatsika, maro ihany koa ireo gazety voazara ary ny tena nahavelom-bolo dia nisy ireo tantsaha nanapa-kevitra avy hatrany hanangana Vondrona Madinika ka nisoratra anarana. Ankoatra ny lova-tsofina izay fitaovana mahomby indrindra efa fampiasantsika ampahafantarana ny TERAKA an'ireo izay tantsaha liana ka tonga manatevin-daharana antsika rehefa fivoriana Klastera dia anisan'ny fitaovana iray ihany koa ny fampiratina toy itony izay sady sehatra ifanakalozan'ny samy tantsaha.

Gazette Tohiravina 8 -.pdf 4 22/08/2025 18:53:54

## FANAO TSARA HALAIN-TAHAKA : Ny fanaovana ny tatitra isam-bolan'ny Vondrona Madinika


Anisan'ny andraikitra sady tombontsoantsika Vondrona Madinika ny fanaovana fivoriana isan-kerinandro na indroa isam-bolana. Avy amin'ny alalan'izany no afahantsika mifanampy sy mifampizara ireo traik'efa hananantsika avy, ary miara-mandroso. Rehefa mivory ary ny Vondrona Madinika misy antsika dia andeha horaketina an-tsoratra tsara ny fivoriana mba afahana manao ny tatitra isam-bolana fa tena manan-danja izany mba afahan'ny foibe mahita ny fandrosoan'ny Vondrona Madinika tsirairay manerana ny Nosy.

Io tatitra io no mitahiry ireo asa efa vita, ireo izay mbola ho efaina sy vinavinan'asa ary manaporofo fa nisy tokoa ny fivoriana. Amin'ny alalany no ahitana ireo mpikambana mavitrika, amin'ny fahatongavany mivory matetika. Farany dia avy aminy ihany koa no anomezan-danja ireo ezaka nataon'ny Vondrona Madinika, afahan'izy ireo mampita ny hetahetany ary manamora ny fandraisana fanapahan-kevitra avy amin'ny foibe raha ilaina. Aza adino ary ny mitondra ny tatitra ny Vondrona Madinika misy anao rehefa mamonjy fivoriana Klastera. Torahana voninkazo manokana ireto










Vondrona Madinika ao amin'ny Distrikan'ny Fandriana ireto izay efa nanomboka nanao izany tamin'iny volana Janoary 2025 iny ka hatramin'izao: SANTATRA Ambodihady, MANIRISOA I sy MANIRISOA II Vinanimasina, MIARADIA Sahamadio. Fenoy ampikaliana ary ny tatitra Vondrona Madinika anareo fa sady feonareo, porofon'ny asanareo ary firaisan-kinanareo izany.

### FOMBA FITARAINANA SY FAMAHANA OLANA ETO ANIVON'NY TERAKA

Indro zaraina amintsika ny fanavaozana natao ny 15 Mey 2025 ny fomba fitarainana sy fomba famahana olana ato amin'ny fanadaharan'asa. Araka ny efa voalaza tany aloha dia novolavolain'ny orinasa iTeraka ny fomba fitarainana sy famahana ny olana mba hahafahan'ireo mpikambana TERAKA sy ny mpiara-miombon'antoka mampita ny fitarainany amin'ny fomba ofisialy any amin'ny foiben'ny iTeraka sy hamahana izany. Arakaraky ny fivoaran'ny zava-misy eny fotony sy raha ilaina dia afaka manatsara na manavao izany ny iTeraka sy ireo mpira-miombon'antoka rehetra. Ny dika farany amin'ity fomba famahana olana ity dia hita ao anaty "pack de bienvenue TERAKA" na ny tranok'ala https://www.teraka.org, ary itanao ao amin'ny gazety Tohiravina laharana faha 05_Febroary 2025. Manamafy hatrany izahay fa:

- iTeraka dia hanaja sy hampihatra ireo fanapahan-kevitra enti-manelanelana sy ny didy avoakan'ny fitsarana;
- Voahaja ny zon'ny mpangataka hitondra ny fitarainany eo anivon'ireo andrim-pitsarana ambony iraisam-pirenena ary tsy misy arakaraka;
- iTeraka dia nanao sonia Sata Mahatoky amin'ny Famahana ny Disadisa eo anivon'ny Antenimieran'ny varotra sy ny indostria eto Antananarivo.

### IREO ASA MIANDRY ANTSIKA VONDRONA MADINIKA

Indro fintinina anao ary ireo asa miandry antsika Vondrona Madinika rehetra:

- Fandefasana ireo solotena isaky ny Vondrona Madinika hamonjy ny fivoriana isam-bolan'ny Klastera
- Fananganana tanin-jana-kazo hiomanana sahady amin'ny taom-pambolena ho avy io
- Fikolokoloana ireo hazo efa voavoly eo an-dala-pamakivakiana ity ririnina ity
- Fiarovana ny hazo amin'ny afo amin'ny alalan'ny fanaovana aro-afo
- Fananganana na fanatevenan-daharana ny Vondrona Madinika ho an'ireo izay mbola tsy ao anatiny
- Fiomanana ho amin'ny firosoana ny fanasoniavana ny fifanarahana EMH (fifanarahan'iTeraka sy ny Vondrona Madinka) ho an'ireo tantsaha efa anaty Vondrona Madinika

*"Isaky ny atsembohana mitete, misy hazo mitombo. Isaky ny fivoriana, misy hevitra mitsiry. Misaotra antsika misy, manorina am-pahangi-nana ho avy mamokatra!"*

### IREO MPIKAMBANA TERAKA NY DATY 07 JOLAY 2025

| Faritra | Isan'ny mpikambana nisoratra anarana tsy mbola anaty Vondrona Madinika | Isan'ny mpikambana efa anaty Vondrona Madinika | Isan'ny Vondrona Madinika | Isan'ireo mpikambana nahavita sonia ny fifanarahana EMH |
|---|---|---|---|---|
| Amoron'i Mania | 1 723 | 2 385 | 286 | 425 |
| Itasy | 2 813 | 2 103 | 287 | 195 |
| Vakinankaratra | 182 | 240 | 30 | 0 |
| Alaotra Mangoro | 1 673 | 949 | 127 | 0 |
| **Totaliny** | **6 209** | **5 677** | **730** | **620** |

*Marihina fa ny atao hoe mpikambana tafiditra ao anatin'ny mason-tsivana TERAKA dia ireo izay efa anaty Vondrona Madinika. Ireo indray avy eo no hiroso amin'ny fanasoniavana ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona. Alao hery daholo ary amin'ny fandrosoana miandalana e!*

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : Mathieu Rahm, Cédric de Foucault, Fenosoa Rasoarimalala, Hélène Voahanginirina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC

TERAKA dia marika voaaro
**www.teraka.org**

**Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :**
**+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11**